



REPOBLIKAN'I MADAGABIKARA  
Fivaviana • Tanindrazana • Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-240

**LANONAM-PANOKAFANA AMIN'NY FOMBA OFISIALY  
NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHAN'NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA; TAONA 2023**

Fivoriana Voalohany  
Natao ny  
Talata 2 Mey 2023  
- Maraina -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina  
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

**FOTOANA:** Talata 2 Mey 2023, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2023.

Fanamarihana: Firedonana ny Hiram-pirenena nataon'ny Antoko Mpihira eto amin'ny Antenimierampirenena no nanombohana ny lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2023.

Rehefa izany, niredona ny hira Fanevan'ny Antenimierampirenena indray izy ireo.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny mpivory.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

### Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2023 izao.

Somary miavaka kely ny lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana satria nanasana vahiny sy ireo lehiben'ny fikambanana iraisam-pirenena miasa sy monina eto Madagasikara isika amin'ity indray mitoraka ity.

«Je disais que la cérémonie d'aujourd'hui revêt une touche particulière car contrairement à l'accoutumée, nous avons invité les ambassadeurs et les représentants des organisations internationales en poste à Antananarivo auxquels j'adresse également mes meilleures salutations. J'invite alors le Secrétaire de séance à procéder à la lecture des dispositions de l'article 75 de la Constitution Malagasy».

Izao dia iangaviana, Ramatoa Mpitantsoratra, hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -

**Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina**

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

«Article 75.- L'Assemblée Nationale se réunit de plein droit en deux sessions ordinaires par an. La durée de chaque session est fixée à soixante jours.

La première session commence le premier mardi de mai et la seconde, consacrée principalement à l'adoption de la loi de finances, le troisième mardi d'octobre».

Vita Ramatoa Filoha.

**Ramatoa FILOHA**

Isaorana ianao, Ramatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiana izay andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana izay.

«Merci Madame le Secrétaire pour la lecture de l'article 75 de la Constitution Malagasy».

- 3 -

- **Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena** -

**Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona, misolotena ny Filohan'ny Antenimierandoholona;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena sy ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara namana, hajaina;

Ianareo Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta manatrika etoana;

Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;

Ramatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'olombelona;

Ramatoa sy Andriamatoa Masoivoho manatrika etoana;

Ianareo mpiaramiombon'antoka ara-teknika sy ara-bola amin'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpandraharaha namana, mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena izay tarihin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Ianareo manam-boninahitra ambony Sivily sy Miamila izay manatrika etoana araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy;

Ianareo Raiamandreny ara-panahy sy ara-pirazanana.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Elaela tsy nihaona, hono, mahamanimanina ary tsaroana eto indray ankehitriny ny fiarahana hatrizay. Manin-kavana misy mitsidika izahay ankehitriny, ka safononoky ny hafaliana.



Isaorana mandrakariva arak'izany Ilay Tompo Tsitoha, tompon'ny fandaharana, ka antoky ny fahatanterahan'izao fihaonantsika izao indray ary mbola angatahina hitantana ny fotoam-pivoriana hataon'ny Antenimierampirenena eto mandritra ny 60 andro.

Koa atolotra ny arahaba hahenika antsika rehetra izao, ho henin-kaja sy voninahitra hatrany ianareo tompon-trano sy vahiny ary ankasitrahana mandrakariva amin'ny fanotronana; na izany aza dia misy kosa ny fiarahabana manokana hatao satria nahazo namana vaovao isika. Araka ny fanapahana laharana 001-HCC/AR tamin'ny 6 Martsa 2023 dia notendren'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ho mpisolotoerana an'Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco izay voatendry ho Minisitry ny Asam-panjakana tamin'ny 20 Febroary 2023, Andriamatoa RALAIVAO Paul, ho Solombavambahoaka avy amin'ny Distrikan'i Lalangina, hisolo azy; avy amin'ny antoko IRD ny tenany.

Miangavy anao Andriamatoa Solombavambahoaka mba hitsangana.

- Tehaka -

Faly miarahaba sy mandray anao izahay amin'ny anaran'ny tenako manokana sy ireto Solombavambahoaka namantsika ireto.

Mirary soa anao mba hahatontosana antsakany sy andavany ny adidy masina sy mavesatra hatrehinao manomboka izao.

Tsara koa ny manamarika eto fa nanasa ireo masoivoho vahiny miasa sy monina eto amintsika ny Antenimierampirenena amin'ity fanokafana ity izay midika ho fisokafana ara-diplomasia eto amin'ity Andrimpanjakana ity sy ny firenena manontolo.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ho toy ny mahazatra ary dia hatomboka amin'ny tatitry ny asa vita teto an-dapa ny lahateny mba tsy hahatompon-trano mihono anareo.

Isan'izany ny fandraisana vahiny tonga nitsidika teto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena araka izao manaraka izao:

Hotanisaina izany satria raha holazaina ny votoatin'ny fitsidihana sy ny asa dia ho lava kanefa ny fotoana voafetra.

17 Janoary

- ny masoivohon'ny «Royaume-Uni», Andriamatoa David ASHLEY.
- ny masoivohon'i «Turquie», Andriamatoa Ishak Ebrar ÇUBUKÇU.
- Tamin'io andro io ihany no nihaona teto koa ny iraka avy amin'ny UNICEF, Andriamatoa isany Nicolas SAUVAGE sy Gilles CHEVALIER.

24 Janoary

- ny masoivoho vaovaon'ny Repoblika Federalin'i "Inde", Bandaru WILSONBABU.

16 Febroary

- ny masoivohon'i «Algérie», Andriamatoa DJAOUD Malek.

20 Febroary

- ny delegasiona avy amin'ny "Banque Mondiale".

9 Martsa

- ny solotena manokan'ny Vaomieran'ny Vondrona Afrikana, Ramatoa Hawa Ahmed YOUSOUF, nanao ny fanaovam-beloma.
- Tamin'io andro io ihany dia nitsidika ara-pomba fanajana ny Filohan'ny Antenimierampirenena koa ny Governora vaovao avy amin'ny Faritra Amoron'i Mania, Ramatoa FOMENDRAZA Haingonirina Elysette.

14 Martsa

- ny masiovohon'i Etazonia, Ramatoa Claire Annette PIERANGELO.

16 Martsa

- ny solotena avy amin'ny fikambanana "Soa miray dia" avy any amin'ny Faritra Matsiatra Ambony.

24 Martsa

- ny mpanolotsaina voalohany ao amin'ny masoivohon'i «Russie» eto Madagasikara, Andriamatoa Alexei BURIK.

5 Aprily

- Ankizy mpianatra, kilasy faha-6 hatramin'ny kilasy famaranana, avy amin'ny sekoly «Bethel», Brickaville.

12 Aprily

- Ankizy mpianatra kilasy faha-5 sy faha-8 ao amin'ny kolejy «Saint Jean», Brickaville izay notarihin'i «Sœur» VAVIFOLO Blandine.

13 Aprily

- Tonga nanolotra an-tànana ny fanasana hitsidika ny parlemanta any "Algérie" ny Ambadaoro Algeriana, Andriamatoa Malek DJAOUD. Fanasana izay avy amin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Algeriana ho an'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Malagasy.

19 Aprily

- Ny sekoly "SKY SCHOOL" Ambatoroka, kilasy faha-4 sy faha-5.

Amin'ny ankapobeny dia fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena Malagasy sy izy ireo no tena votoatin'ny fitsidiana. Tao koa ny resaka momba ny fiatrehantsika ny fifidianana Filohampirenena.

Ireo ankizy mpianatra kosa dia tonga hamantatra ny asan'ny Solombavambahoaka sy ity Andrimpanjakana ity.

Tetsy ankilany, nisy ihany koa ny famitana iraka natao tany ivelany:

18 Aprily

- Noraisin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Frantsay, Ramatoa Yaël BRAUN-PIVET tao amin'ny «Palais de Bourbon» tao «Paris» ny Filohan'ny Antenimierampirenena Malagasy.

#### 9 Martsa

- Nisokatra tao «Port Louis, Maurice», ny fivoriana faharoan'ny komity mpitantana (COFIL) na ny «Comité de Pilotage du Projet Gouvernance, Paix et Stabilité (GPS) de la Commission de l'Océan Indien». Ny Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena Malagasy sady Filohan'ny COFIL no nitondra ny lahateny fanokafana ny fivoriana tamin'izany.
- Ny ankoatr'ireo dia iraka isan-karazany tany ivelany tamin'ny alalan'ny FP-SADC no natao tamin'izany.

Ivelan'ireo, nisy asa hafa natao teto, toy ny fivorian'ny komity mpanatanteraka ny fikambanan'ny parlemantera eo anivon'ny «Commission de l'Océan Indien» (COI). Nandritra io fotoana io no nisy ny fihaonana teo amin'ireo Filohan'ny Antenimierampirenena anatin'ny COI. Ny nahafaly tamin'izany koa dia ny nahalany an-dRamatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, izay Mpampakateny Jeneraly Lefitra eto amin'ny Antenimierampirenena na ny «Députée» Anyah, Solombavambahoaka voafidy tao Antananarivo III sady solotenan'ny Antenimierampirenena Malagasy, ho Filoha Mpanatanteraka ny «COMEX AP-COI».

Mangataka anao hitsangana na dia etỳ ambony aza ianao ho fiarahabana anao, Ramatoa Filoha Mpanatanteraka ny «COMEX AP-COI».

- Tehaka -

Ny farany fa tsy ny kely indrindra dia nahavita ny anjara adidy koa ny Antenimierampirenena tamin'ny fambolena-kazo. Zanakazo miisa 5 000 no novolena tamin'ny Zoma faha-17 febroary lasa teo, teny Lohalampy Tsiafahy, Kaominina Bongatsara Atsimondrano.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Raha mahakasika ny asa miandry antsika ato amin'ny Antenimierampirenena mandritra ity fotoam-pivoriana ity dia ho maromaro ihany, toy ny:

- Fandaniana Volavolan-dalàna. Isan'ny Goavana amin'izany ny LFR sy ny «Code Minier» ary ny Lalàna mifehy ny fampiasam-bola eto Madagasikara (Loi sur les Investissements à Madagascar).
- Ireo Tolo-dalàna avy amin'ny Solombavambahoaka dia maro no hodinihantsika amin'ity fotoam-pivoriana ity.
- Tsy hadino koa ny fihaonan'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka.

Maro ny mpanara-baovao no milaza fa hafampana sy hangotraka ny fiatrehana ity fotom-pivoriana ity. Hatramin'izay mihitsy io mafampana io isaky ny fotoam-pivoriana satria lalàna sy hevitra maro no hodinihana ato. Amin'ny maha Lapan'ny Demokrasia ny Antenimierampirenena dia misy hatrany ny fanehoan-kevitra sy fifandresen-dahatra saingy tsy amin'ny ady akory no hanaovana izany, fa ao anatin'ny fifanajana sy filaminana ary natao hijerena ny tombotsoam-bahoaka avokoa izany rehetra izany. Miara-mahita aza isika, fa ny

any ivelany dia mifampitoraka seza sy mifandray vozon'akanjo. Isaorana an'Andriamanitra, fa mbola tsy nisy tato amin'ity Antenimierampirenena ity izany.

Indraindray tokoa, mety hafampana ny adihevitra, saingy fanaon'ny parlemanta maro maneran-tany araka ny voalazako teo izany, fa tsy midika koa ho korontana fa samy te-handresy lahatra sy samy te-hampanjaka ny heviny, ka izay no atao hoe: vato ambany riana, tsy mikorontana fa mifanjary toerana. Matoky aho fa hitohy izany fifanajana ato amin'ny Antenimierampirenena izany na dia ho mafimafy ny adihevitra ary indrindra misy dia misy tokoa ny tsy fitovian-kevitra. Matoky anareo Solombavambahoaka aho amin'ny fanajana izany tsy fitovian-kevitra izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Efa miha antomotra ny fotoam-pifidianana araky ny voalazan'ny Lalàmpanorenana. Saika efa hita eny an-kianja avokoa ireo mpisehatra politika maro. Etsy ankilany anefa ao ireo mpisehatra ara-politika mandroso hevitra ny hisian'ny fifampidinihana sy fifampiresahana amin'ny lafiny samihafa mialohan'ny hirosoana amin'ny fifidianana.

Ny Fiarahamonim-pirenena sy ny FFKM ihany koa dia nandroso ny heviny. Ny CENI indray dia efa naneho fahavononana tamin'ny alalan'ny fandrosoana volavolana daty hanatanterahana ny fifidianana. Niantso ireo ankolafin-kery rehetra hifanakalo hevitra mahakasika ny fifidianana tamin'ny faha-24 Martsa lasa teo izy ireo, izay zava-dehibe tokoa izany. Arahabaina Andriamatoa Filohan'ny CENI amin'izany.

Ireo no famakiana ny tontolo ara-politika misy ankehitriny, ka amin'ny maha Filohan'Andrimpanjakana anay dia izay voalazan'ny Lalàmpanorenana ihany no tokony harahina; na izany na tsy izany dia tsy maintsy tohizana hatrany ny fanomanana samihafa ny fifidianana; toy ny mahakasika ny fanatsarana ny lisi-pifidianana. Izany hoe, tsy maintsy mivonona mandrakariva isika na tsy fantatsika aza ny havoakan'ny ampitso.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Be ny asa vita teto amin'ny firenena, kanefa hita izao fa mbola maro no mila ezaka sy fanatsarana sy hefaina. Tsy ho vita ao anatin'ny fotoam-piasana voafetra daholo akory ny filàna sy ny manahirana antsika Malagasy, fa mila fotoana ny famitana ny asa sasany. Ho mora kokoa anefa ny fampanandrosoana ity firenena ity raha misy ezaka ataontsika vahoaka Malagasy amin'ny lafiny firaisan-kina, ny fahazotoana miasa sy ny fanarahana ny fitsipi-pifehezana ary ny didy aman-dalàna sy ny fialana amin'ireo toetra mamoehitra isan-karazany ka zary tsy mahita filaminana.

Misy ireo zava-manahirana ny mpiray tanindrazana amintsika izay andrenesana antso sy taraina samihafa tonga aty aminay Solombavambahoaka. Itondran'ny vahoaka fitarainana izahay, ka mampita izany amin'ny tomponandraikitra isan-tsokajiny avy ao amin'ny fahefana Mpanatanteraka, toy:

- ny JIRAMA. Hazavao ity fidangan'ny "facture" ity kanefa ny "délestage" dia miverina mahazo vahana.
- ny tsy fandriampahalemana ety an-drenivohitra na any ambanivohitra izay ateraky ny firongatry ny zava-mahadomelina ary efa mitobaka mihitsy izao ny zava-mahadomelina mahery vaika toy ny «rôô». Koa mampirisika ny tomponandraikitra, indrindra ao amin'ny fandriampahalemana; fantatra ny ezaka ataonareo Andriamatoa Minisitry ny Filaminam-bahoaka, Andriamatoa Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria, ao koa ny Tafika, ny vahoaka, ny Solombavambahoaka, samy efa miezaka, kanefa aoka mba hampitomboina izany satria zava-doza sy mamoehitra ity "rôô" ity, ka tokoky hasiana lalàna manokana hamaizana ny

fitsindronana izany zava-mahadomelina izany. Fanafohezan-tenin'ny "heroïne", hono izy io saingy fanafohezan-teny mahagaga.

- eo koa ny fampandehanan-draharaham-panjakana izay maro no mitaraina atỳ amin'ny Solombavambahoaka noho ny fahazoan'ny kolikoly vahana be loatra avy any ambany ka hatraty ambony. Tsy hoe tsy miasa ianareo ao amin'ny Mpanatanteraka, fa isaoranay ny efa vita saingy mbola manainga sy miangavy anareo izahay, Andriamatoa Praiminisitra, mba hamongotra ny kolikoly.

Manana adidy hitondra fanazavana amin'izany ianareo tomponandraikitra isan-tokony mba hanazava ny zavatra misy ary handray ny fepetra hamahana ny olana. Ampahafantaro anay vahoaka ny tena lesoka manahirana anareo, fa eto izahay hitana ny vozony satria tsy mbola nitaraina tàna-miepaka amin'izany izahay.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ho antsika ato amin'ny Antenimierampirenena.

Adidy mavesatra no miandry amin'izao ankatoky ny fifidianana izao. Mino aho fa ho mendrika izany isika tsirairay mba ho voninahitr'ity Andrimpanjakana misy antsika ity sy noho ny fitiavan-tanindrazana.

Ny politika kosa azo atao hatrany saingy ao anatin'ny filaminana sy fanajana mandrakariva ny didy aman-dalàna manan-kery. Tsy misy tampenam-bava ato ary mitohy hatrany ny asa fanaovan-dalàna sy ny fanaraha-maso ny asan'ny Mpanatanteraka. Tsarovy fa misalotra iny Samboady maneho ny saina Malagasy iny isika Solombavambahoaka, ka tandrovy hatrany ny Fitsipika Anaty mifehy antsika. Mivory isika izao, koa aoka tsy tandrevaka ny fanatrehana ny fivoriana. Misy ireo tsy mitsitsy fitenenana, ka tangena tsara hafatra, tsy mataho-maso-mena manapotsitra ny marina. Izany akory tsy midika velively ho fanoherana, fa atosiky ny fitiavana tsy te-hanan-dratsy.

Atsipy koa ny fitenenana ho anareo Mpanatanteraka, ataovy izay hifankazahoanareo amin'ireto Solombavambahoaka ireto amin'ny alalan'ny fihainoana sy fanatanterahana arak'izay azo atao amin'ny hetahetany any amin'ny Distrika nahavoafidy azy any, fa ny fitia hono mivaly fitia, ka fitiavana anareo anay, mba hovalianay fitia koa.

Eto dia ankasitrahana Andriamatoa Filohampirenena ary ankasitrahako manokana izy, izay manao ny ezaka tokoa manome lanja ny Solombavambahoaka amin'ireny fotoampitokanana zava-bita misesisesy any amin'ny Faritra ireny.

- Tehaka -

Vodihena, hono, tsy miainga aloha, koa hahararaotika eto ny fiarahabana anao, Andriamatoa Filohampirenena hajaina tamin'ny nahazoanao ny loka "babacar ndiaye" amin'ny mahatompon-daka lehibe anao atỳ Afrika amin'ny fanorenana fotodrafitrasa goavana.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ry mpanao politika isan-tokony;

Ianareo vahoaka Malagasy tsy ankanavaka;

Vanim-potoana ankatoky ny fifidianana isika izao. Amporisihina ny rehetra hanamarina ny anarany any anaty lisi-pifidianana eny anivon'ny Fokontany. Araka ny voalaza ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2012-005, andininy faha-15 tokoa mantsy dia adidin'ny olom-pirenena no manamarina ny anarany ao anaty lisi-pifidianana, ka tokony havelanareo tomponandraikitra hanao malalaka izany ny olom-pirenena izay manana zo hifidy.



Manantena izahay fa ho hita taratra ao amin'ny LFR ny vola ampy hanatanteraha ny fifidianana, ka tsy hisy fangatahana intsony hataon'ny CENI; asa miandry antsika daholo izany rehetra izany.

Mamerina ny fisaorana antsika rehetra naharitra nihaino sy tonga maro manotrana. Koa dia mirary ny soa sy ny tsara mandrakariva ho an'ny rehetra.

Hofaranako eto ny teniko amin'ny fitenintsika Malagasy satria hanome hafatra ho an'ireo vahiny izay tonga nanaja ny fanasantsika indray aho.  
Hotahian'Andriamanitra anie isika rehetra.

Misaotra Tompokolahy.  
Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

### **Madame la PRESIDENTE**

Il serait temps que je m'inscrive à l'universalité de la formation de mon allocution.

Excellence, Mesdames et Messieurs les Ambassadeurs;

Chefs des Missions Diplomatiques;

Monsieur Le Doyen du Corps Diplomatique à Madagascar;

Représentants des Organisations Internationales ici présents.

J'aimerais tout d'abord vous présenter ma gratitude pour l'honneur et l'amitié que vous nous faites aujourd'hui à travers votre présence à cette ouverture solennelle de la première session ordinaire de l'Assemblée Nationale de Madagascar.

Chers Honorables Confrères et Consœurs et Chers invités, je voudrais vous faire une confidence.

Quand j'ai formulé mon discours d'aujourd'hui, je voulais me mettre à l'abri d'une grandiloquence, d'une rhétorique académique qui se soucie plus de la forme que du contenu mais ceci afin d'éviter les objections véhémentes pour m'éloigner des esprits outrecuidants qui cabotent, qui fanfaronnent et qui affabulent.

Mais la raison me ramenait à la réalité que je ne pouvais en aucun cas me défilier. Rajouté à cela l'accablante maxime d'Euripide, « Le temps révèle tout et n'attend pas d'être interrogé ».

Aussi, ai-je le droit d'émettre des craintes au vue de mes responsabilités en tant que femme et Chef d'Institution.

Manquerai-je l'occasion de m'incliner devant vous Chers compatriotes face à l'inavouable devoir non abouti ou non accompli. Puis-je mentir benoîtement devant cette Assemblée, des représentants, des portes paroles et devant nos hauts et distincts invités venus exceptionnellement honorer de leurs présences.

Chers Confrères, Chères Consœurs, Honorables, je vous demande de bien vouloir vous lever et applaudir pendant quelques secondes pour souhaiter à nos hauts et distingués invités aussi bien l'Exécutif que le Corps Diplomatique, leur souhaiter les bienvenues parmi nous dans ce noble hémicycle.

- Applaudissement -

Je vous remercie.

A vrai dire, je ne peux m'accorder le luxe de me défilier de mes engagements de porte-parole de cette Assemblée et de porte-voix de mes concitoyennes et concitoyens qui en majorité, au lieu de se nourrir de leur pain quotidien, s'alimentent hélas d'inquiétudes et d'exaspérations.

Que ce soit clair, je ne me dissocie en aucun cas du dessein élaboré tout au long de mon allocution, au contraire notre passivité mécanique d'organe de contrôle et notre mission de législateur dépendant et sous perfusion nous ont joué des tours au point où nos projections pour un nouveau départ nous ont été retournés en disgrâce frôlant l'opprobre.

Bien sûr, on me dira la solidarité et la solidarité dans tout cela, la solidarité avec le peuple exige l'égalité des chances pour réussir. Toutes proportions gardées les grandes villes et les bourgades éloignées devront bénéficier des mêmes traitements et des mêmes considérations.

Nos compatriotes méritent le minimum vital si bien sûr, on ne peut leur offrir l'excellence, les malversations, les corruptions, les exploitations illicites de nos ressources minières et stratégiques, les abus multiples et répétitifs de tout genre, l'injustice et les avantages inappropriés et non motivés des minorités privilégiées et des élites ruinent notre économie et appauvrissent notre peuple.

La solidarité ne doit pas être un vain mot, elle doit être traduite par des actes et par des actions. Par ces actes de transparences dans le traitement des grandes décisions impactant l'avenir de la nation, en cela qu'elles soient économiques ou qu'elles soient politiques. Très prochainement, tel énoncé ici et là, en l'occurrence l'élection présidentielle; des questions sans réponses pleuvent de tous bords. Ceci, sur le financement ou par manque de clarté dans les démarches et de transparence dans les requêtes. L'hésitation des uns et des autres est profondément ressentie. Une élection fiable, viable, inclusive, requiert des démarches procédurales exigeantes tant sur la forme que sur le fond. Les actions de solidarité politique entre partenaires qui partagent les mêmes visions ne sont que de mirobolants mots si elles écartent et s'éloignent de l'intérêt général et de l'intérêt suprême de la nation.

Il est temps de cesser tous les calculs intéressés de carrière politique au détriment de l'intérêt du peuple. Personnellement, j'accorde beaucoup d'admiration à celles et à ceux présents ici dans cet hémicycle, dans cette assemblée qui militent et qui se battent sans calcul aucun, pour leurs propres sécurités et pour leurs avenir politiques en revendiquant le développement de leurs circonscriptions respectives. Je vous adresse ma sincère admiration.

Enfin, la solidarité ne devra pas être unilatérale et à sens unique. Nos compatriotes ont besoin de leurs dirigeants, vous dans l'Exécutif comme ceux qui sont les gardiens de la Constitution, nous avons besoin de vous tous mutuellement et réciproquement même si les débats et les échanges sont parfois houleux et voire même déstabilisants, et gare à celles et à ceux qui se versent dans la haine et dans la rancune.

La gestion de la nation n'est pas une affaire d'une seule personne ou de quelques privilégiés, la démocratie au même rang que la liberté d'expression et le respect de droit humain ainsi que le droit à l'information doivent être scrupuleusement respectés. Et dans le prochain jour, nous aurons à débattre de la rectification de la loi des finances (la LFR) dans laquelle nous osons espérer que nos attentes et celle de l'opinion y figurent et que la célérité des

budgets sur les élections tant à leurs imputations et leurs montants ne souffriront d'aucune observation.

Je comprends, chers membres de l'Exécutif que la tâche n'est pas aisée. Nous en tiendrons en rigueur de vos travaux.

Le Code Minier passera devant cette Assemblée pour lequel nous ne manquerons pas d'y imprimer avec bienveillance nos exigences de contrôle avec notre pouvoir législatif y afférent.

Chaque membre élu comprend effectivement la portée d'un réel Code Minier se souciant de l'intérêt général et de l'intérêt de la population de sa circonscription. C'est un débat fondamental sur lequel une bonne partie de nos ressources financières provient et nous y attacherons la pré-naissance priorité.

Le Code Minier est primordial, incessamment au cours de cette session qui s'annonce laborieuse. Nous requérons les textes d'application des lois déjà adoptées, car jusqu'à présent, nous recevons des doléances par rapport aux textes d'application non encore élaborés, sinon non encore notifiés.

Encore une fois, je tiens à remercier nos pays amis, nos partenaires techniques et financiers et les organismes du système Onusien par rapport à leurs implications respectives, leurs assistances, leurs soutiens et leurs accompagnements techniques et financiers surtout pendant les crises majeures.

Les sociétés civiles ne sont pas non plus oubliées; vos actions ainsi que vos interventions pour les échéances prochaines seront, à mon humble avis et ceci ne lie que ma personne, les bienvenues et seront appréciées à leur juste valeur. Je ne vais tout de même pas oublier mes honorables, vous collègues consœurs et confrères, il est temps qu'on mette un regard attentif promptement réactif et positif sur les équipements pour les Députés.

A bien des égards, je conclus alors mon allocution par l'expression de la sagesse d'Euripide, « une fois qu'on a dépassé la mesure, il n'y a plus de limite ». Et moi je dirai qu'à partir du moment où on a dépassé la limite, il n'y a plus de mesure.

Chers membres du Gouvernement, pour la fin, je termine, chers collègues, chers invités, sachez que je rejoins parfaitement la philosophie d'Epicure qui mettait son bonheur dans la paix de l'âme et la sérénité. Que chacun jouisse de cette paix de l'âme.

Je vous remercie de votre attention.

- Applaudissement -

### **Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako fa misokatra ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2023.

Mesdames et Messieurs, je déclare que la première session ordinaire de l'Assemblée Nationale Malagasy pour l'année 2023 est ouverte.



A bien des égards, je conclus alors mon allocution par l'expression de la sagesse d'Euripide, « une fois qu'on a dépassé la mesure, il n'y a plus de limite ». Et moi je dirai qu'à partir du moment où on a dépassé la limite, il n'y a plus de mesure.

Chers membres du Gouvernement, pour la fin, je termine, chers collègues, chers invités, sachez que je rejoins parfaitement la philosophie d'Epicure qui mettait son bonheur dans la paix de l'âme et la sérénité. Que chacun jouisse de cette paix de l'âme.

Je vous remercie de votre attention.

- Applaudissement -

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako fa misokatra ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2023.

Mesdames et Messieurs, je déclare que la première session ordinaire de l'Assemblée Nationale Malagasy pour l'année 2023 est ouverte.

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

**Ramatoa FILOHA**

Eto ampamaranana, ampahafantarina isika Solombavambahoaka, fa rahampitso Alarobia 3 Mey 2023 amin'ny 10 ora, maraina dia hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ary amin'ny 3 ora, tolak'andro ny fivorian'ny Diniky ny Filoha. Ny Alakamisy 4 Mey 2023 amin'ny 10 ora, maraina, kosa ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena.

Koa manentana antsika Solombavambahoaka mba havitrika hamonjy an'ireo fivoriana ireo.

Miato hatreo ny fivoriantika.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana.



NY FILOHA

**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**